

FILOHA MARC RAVALOMANANA

# Nitondra teny fampiononana ho an'ny fianakaviam-be Katolika

Noho ny fodia-mandrin'ny Evekan'Antsirabe Ranaivomanana Philippe dia nitondra ny teny fampiononana ny Katolika manontolo sy ny fianakaviana ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana Tamimpahatairana lehibe hoy izy no nandrenesako ny fahalasanan'ny Eveka RANAIVOMANANA Philippe. Mampahery ny Fianakaviambe katolika iray manontolo ny tenako ary Andriamanitra anie hitondra fampiononana feno ho an'ireo niara-niasa taminy akaiky ho fampandrosoana ny Fiangonana amin'ny asa masina nanendren'ny Tompo azy. Marihina moa fa mbola nanatrika ny lamesa famaranana ny JMJ MADA andiany faha 10 tao Antsirabe ny Eveka izao nindaosin'ny fahafatesana izao. Ny gazety Ny valosoa vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviamben'ny finoana Katolika ary ho an'ireo fianakaviana manontolo.

***Helisoa***





Lalana Ambilobe-Vohemar.

# Fitohizan'ny raharaham-panjakàna no hidedahan'ny fitondràna TGV

Fomban'ny fitondràna Andry Rajoelina ny mihezaka ny hamafa ny zava-bitan' ireo filoha teo aloha . Mihevitra ny tenany fa azo ambakaina ny Malagasy Tsy fatany fa efa mivoatra be ny teknolijia amin'izao fotoana izao , ka mipetraka ho tantara tsy azo fafàna na tsara na ratsy vita teto amin'ity firenena ity. Ho tokana ankehitriny ny lalana Ambilobe Vohemar, dedaka ery ireo mpomba ny fitondràna toa andry Rinah Rakotomanga sns… mandrangitra ireo tsy mitovy hevitra aminy ao amin'ny tambazotran-tserasera, tena hoe mirefarefa amin' ny tany mihintsy ilay adihevitra. Ny tsy fantany dia misy tantara daholo izay tsy ho voafafany na hanao inona izy na hanao inona eto amin'ity tanindrazana iombonana ity . Misy tantara toy izao io lalana Ambilobe Vohemar io. Fitohi- zan 'ny raharaham-panjakana io fa tsy araka ny hadedahan'ny fitondràna ankehitriny hoe Rajoelina nahavita azy . Tamin'ny taona 2008 dia efa nahazo fanomezantoky tamin'ny vondrona Eropeana ny fitondràna Ravalomanana fa hamboarina ny làlana Ambilobe-Vohemar. Izany dia efa tao anaty programa 10è FED. Nisy anefa ny sazy nihatra tamin'ny Madagasikara noho ireny fanonganampanjakana ireny dia nihantona ny famatsiambola. Tonga teo amin'ny fitondràna ny Filoha Hery Rajaonarimampianina dia namerina nifampiraharaha tamin'ny vondrona Eropeana saingy noesorin'ny ity farany ny fanamboarana ny làlana Ambilobe-Vohemar fa ny RN6 sy ny RN13 ary ny RN12 kosa mbola nankatoavin'izy ireo ny hamatsiana vola azy. Tamin' ny taona 2015 dia namonjy fivoriana an-tampony tany Afrika Atsimo ny Délégation malagasy notarihan'ny Filoha Rajaonarimampianina. Fivoriana antsoina hoe FOCAC izay nandraisan'ny Filohan'ny Chine Xi Xiping ireo filoha Afrikanina maniry ny hiara hiasa amin' ny Chine. Volabe amina miliara no natokan'ny fanjakana Sinoa hanampiana ny firenena Afrikanina izay mahakasika ireo fotodrafitrasa fototra entina mampiroborobo ny toekarena Afrikanina. Nanolotra tetikasa maro ho fitadiavana famatsiambola Sinoa ny fanjakàna malagasy tamin'ny fitondràna Rajaonarimampianina. Anisan'ireny , izay efa vita soa amantsara sy hisitrahan'ny Malagasy ankehitriny dia ny làlana mampitohy an'ny Tsarasaotra- Ivato, làlana Rocade Ouest mampitohy an'i Digue Ambohitrimanjaka mivoaka any Talatamaty, ny Barage hydro-électrique Sahofika, ny Làlambaovao Andohatapenaka mankany 67ha ary ny làlana Ambilobe-Vohemar. Rehefa natolotry Filoha Hery Rajaonarimampianina tamin'ny Filohan'ny Chine Xi Xiping ny tetikasa dia nanaiky avy hatrany ny Filohan'ny Chine ary nandefa teknisianina nifampiraharaha tamin'ny Governemanta malagasu tamin'ny taona 2016. Nalaza mananjina anefa io làlana Ambilobe-Vohemar io satria araka ny fantatra dia izay filoha nanam-pikasana hanamboatra io làlana io dia niongana teo amin'ny fitondràna foana. Anisan' izany ny filoha Zafy Albert. Koa tamin'ny 2016 dia nisy fomfomba malagasy natao tany Maromokotra mba nanaovana joro fangatam-pitahiana tamin'ny razana ary koa natao tamin'io fotoana io ny fampihavanana ny fanjakàna roa izay nifandrafy tany an-toerana: ny fanjakana Iharana sy ny fanjakàna Antakarana izay nisoloan' ireo mpanjaka isany avy tena. Délégasiona mafonja notarihan'ny Praiminisitra Olivier Mahafaly no tonga tany an-toerana nanatanteraka izany fomba malagasy izany. Nitohy ny fifampiresahana tamin'ny fanjakàna Sinoa ka tonga tamin'ny fanekena ny fiatombohan'ny asa ry zareo Sinoa, ka ny orinasa CRBC no voatendry hanatontosa ny asa tamin'ny taona 2018. Natao ny fametrahana ny vato fehizoro fiantombohan'ny asa tamin'ny aogositra 2018 ka ny Filohan'ny repoblika Hery Rajaonarimampianina sy ny Praiminisitra ary ny minisitry ny asa vaventy no nametrak ny vato fehizoro. Niova ny fitondràna tamin'ny taona 2019 ka mba nilazana fa ny fitondrana ankehitriny no nahavita dia noezahana nofafàna tao an-tsain'ny olona ireo tantara voalaza etsy ambony ireo ary nongotaka mihitsy ny vato fehizoro nilaza fa efa tokony natomboka tamin'ny 2018 ny fanamboarana ny làlana Ambilobe-Vohemar. Tsara ny manao werawera saingy ratsy kosa ny fanadisoana ny tantara satria manimba ny toetsaina Malagasy izany.

***Ny valosoa***

Ny Rado Rafalimanana

# Ratsy ny kalitahon'ny solika eto Madagasikara

***NANEHO NY HEVINY MIKASIKA NY RESAKA SOLIKA ETO MADAGASIKARA NY FILOHAN'NY ONG NY FANAHY NO MAHAOLONA NY RADO RAFALIMANANA***

Saika tsy hiresaka ity mihitsy ny tena hoy izy fa efa sangy mihaotra ny loha no misy eto dia mangiana daholo ny rehetra. Tena tsy milamina ny Kalitaon'ny Solika (Essence) eto Madagasikara. Raha fiara iray no simba tamin'ny lalana RN2 dia tsy naninona, fa kosa fiara 5 be izahay no nanana ola-na tamin'ny solika daholo. Tamin'ny lalana RN2 dia tsy latsaky ny 20 ireo fiara mandeha lasantsy no maty an-dalana. Raha ny fahalalako azy hoy Rado Rafalimanana dia misy bokin'andraikitra ny kalitao ny solika amidy eto Madagasikara. Koa misy tsy manao ny asany ao, na miray petsapetsa tsotra izao no misy .Solika anisan'ny lafo kanefa ratsy kalitao manimba Zavatra! Misarika ny tompon' Andraikitra tandrify amin'iza-ny ny tenako hanao be midina hijery io kalitaon'ny solika amidy eto Madagasikara io. Ary adidin'ity farany no milaza amin'ny Malagasy ny valin'ny fitiliana nataony. Fa eto dia efa mampilaza ihany koa ny tenako hoy Ny Rado Rafalimanana, fa izahay koa ia efa manao fitiliana ka sao sodokan' ny kolikoly eo isika mianakavy. Mipetraka eto ny fanotaniana hoy ity filohan'ny ONG Ny fanahy no Mahaolona ity hoe : Oviana isika Malagasy vao ho tonga saina? Oviana isika vao hiray hina hanohatra ny tsy rariny? Oviana isika vao handray andraikitra amin'ireto olombitsy manao tantely afa-drakotra ny firenentsika sy indrindra ny fiainantsika ary ny ho avin`ireo taranan-tsika ?

Oviana isika #Malagasy voa hanaiky hoe Hadisoantsika daholo ange no mamela malalaka an` ire-to Mpanambaka vahoaka amin'ny lafin'ny teo-karena rehetra eto #Madagasikara ireto?

Misy farany ity fanambakana ny #Malagasy ity. Ndao moa!
Mandrosoa Hasina
Ny Rado RAFALIMANANA

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Fitondrana tsy afa-desoka amin'ny fomba fiasa

Saiky fahita amin'ny fomba fiasan'izao fitondrana Rajoelina izao, ny manjo an'ilay jamba amin'ny ohabolana malagasy hoe « soro-baton'ilay jamba, efa voa vao mihilana ». Ny matetika mitranga aza dia mby amin'ilay fiteny hoe « dokotera aorian'ny fahafatesana ». Maneho indrindra izany, fa tsy nahavita naminavina sy nisoroka mialohan'ny fotoana amin'ny mety hitranga eo amin'ny fiainam-pirenena mifandraika amin'ny fomba fitantanany ny fitondrana. Ny tsy azo lavina, niseho hatrany ny fomba fisainany tao anaty efa-taona latsaka izao ny amin'ny « rovitra omby tondro tsy miraika, fa efa omby loha vao mikoropaka ». Izany oha-pitenenana sy ohabolana samihafa izany no itarafana ny zavanisy teto amin'ny firenena tato anatin'izao fitondrana izao. Anisan'izany ny zava-nitranga tany Ikongo ireny, na ny tany Ankazobe sy ny toeran-kafa mitovy tranga aminy, raha tsy hilaza afa-tsy ireo. Efa fahavoazana goavana no mitranga, efa lasa lavitra ny « aretina » vao mody mikoropaka, fa tsy hain'izao fitondrana izao mihitsy ny mifehy izany raha vao mipoitra na miandoha ny olana. Tsy fahaizana mitondra firenena izany n'inona n'inona fanazavana na adihevitra atao.

Misy tranga maromaro izao tsy mampihetsi-bolomaso sy tsy hahenoina teny avy amin'ny fitondrana na kely aza ka mba hitondrany vahaolana maika anaty fotoana fohy. Anisan'izany ireo hetsika samihafa fitakiana toy ny ataon'ireo mpiasa amina orinasam-panjakana maro izay efa tsy nandray karama am-bolana maro, ny an'ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony izay tsy miseho hatrany saiky isam-bolana amin'ny resaka vatsim-pianarana, efa tsy lazaina intsony ny zara vilana sy fiangarana eo anivom-piaraha-monina amin'ny fizarana fanampiana ara-tsosialy avy amin'ny fanjakana ; tsy adino koa, ohatra, ny tsy fitoviana eo amin'ny samy mpitatitra amin'ny misy fehezina ary misy manao izay mahadiavolana ny sainy amin'ny saran-dalana, sns. Ny manahirana ny saina ny mahita sy mieritreritra azy dia ny sarambabem-bahoaka hatrany no mizaka ny vokatry ny tsy fahaiza-mitondra firenena sy ny tsy fahombiazana izay. Ilay vahoaka no mifafa hatrany ny kihony noho ilay fizahozahoana ho mahavitatena irery ary tsy miraharaha sy tsy mivaky loha ny hafa tokony hiaraha-miasa ho amin'ny fanasoavana ny firenena. Ny niharihary, ny tena hain'izao fitondrana izao, dia namoritra sy nanao izay hanapotehana ny mpanohitra azy, ary nanampi-bava sy nanageja ny vahoaka anaty fahantrana tsy hihetsika haneho ny heviny malalaka amin'ny fahitany ny raharaham-pirenena. Mikasa hahazo amboara koa angamba izy amin'izany…

***Sôh'son***

Artiste

# Hanao tolo-tanana ho an'i Ninie Donia

Noho ny tsy fahasalamana izay mahazo an'i Ninie Donia ao amin'ny hopitaly Nosy be hell ville dia nanao hetsika tolotanana Cabaret izay hiarahana aminy artiste maro tsy ankanavaka ny zoma le 9/9/22 ao aminy Bonara Be chez Sha-Ya 67ha manomboka amin'ny 8 ora alina mandra-maraina ireo artista namany. Nisaotra an'ireo mpanakanto maro amaly ny antso hoy ireo mpikarakara hifanome tanana. Miala tsiny amin'izay tsy tratra antso ihany koa hoy ireo fa antsika jiaby izy ity ka mangataka ny fahatongavanareo jiaby tsy ankanavaka. Tsy omena tsiny koa ny namana artista sasany tsy eto antoerana nohony antony maro samihafa,tournée sns... Mangarahara ny tolo-tanana izay ataontsika satria nandefa solotenany avy aminy i Ninie Donia hiaraka amintsika mandritra ny hetsika. Misy koa ny solontenantsika artiste miaraka amin'izy ireo, ary hambara ampahabemaso ny vola rehetra azo amin'io. Misaotra betsaka ho an' izay efa nanampy nivantana any aminy Tsara marihina fa misy musicien matianina fixe vonona hi accompagnie izay Leader tonga handray anjaray aminy fotoana io,azonao atao koa mitondra hiranao raha anao show case ianao. Ity ny numéro raha toa ka mila an'i Ninie Donia mivantana .0349667993.
Misaotra any Sha-Ya Bonara Be nampiantrano , misaotra Tompoko.

***Helisoa***